

9 jiona 2010.  
27 Sivan 5770.

## Ilay vahoaka izay mitandrina ny didy.

Mifantoka amin'ireo izay milaza azy fa vahoakan'Andriamanitra mitandrina ny didiny ny fijerin'ny lanitra manontolo. Ary indreto ireo izay afaka mitaky ny teny fikasàna avy amin'Andriamanitra, ireo izay tokony handroso am-boninahitra tsy voasakantsakana, ireo izay tokony haneho ny voninahitr'Andriamanitra amin'ny asa tanterahiny. Hoy Jesosy: "**Aoka hazava eo imason'ny olona toy izany koa ny fahazavanareo, mba hahitany ny asa soa ataonareo ka hankalazany ny Rainareo Izay any an-danitra.**" (Matio 5:16)

Noraisin-tsika ny harem-ben'ny fitahian'Andriamanitra, kanefa tsy tokony hijanona hatreo isika. Tokony horaisina hatrany ny tarapahazavàna avy any an-danitra. Tokony hitoetra eo amin'ny toerana izay ahafahana mandray sy mampita ho an'ny hafa amin'ny fahafenoany rehetra isika. Tsy misy fotoana mety indrindra tahaka izao ankehitriny izao izay hananana hery sy toky hirotsahana ho amin'ny asa. Betsaka ny mitaky ny fitahian'Andriamanitra nefa tsy mitandrina ny didiny na mitory ny tokony hitandremana izany akory aza. Manaiky ny fampanantenana avy Aminy sy maniry hahazo izany izy ireo saingy tsy manatanteraka ny fepetra hahazoana izany. Tsy afaka homena azy ny fitahiana izay heveriny fa zony.

Kanefa ireo izay mitandrina ny didy, nahoana izy ireo no tsy mitaky ny teny fikasàna izay natokana ho an'ny zanak'Andriamanitra? Hita eo amin'ny lalàna ny fahamarinan'i Kristy. Teo amin'ny hazo fijaliana dia "**Mihaona ny famindram-po sy ny fahamarinana; Mifanoroka ny rariny sy ny fihavanana.**" (Salamo 85:10). Fampiarahana tokony hatao ireo eo amin'ny asan-tsika. Ny rariny sy ny hitsiny dia tokony haseho miaraka amin'ny fitiavan'Andriamanitra izay niseho tao amin'i Jesosy. Hipoitra ny fahadiovana mangatsakatsaka amin'izay! Ilaina dia ilaina mantsy ny fanadiovana mangatsakatsaka ny fo amampianahy! Ary rehefa tanteraka izany, rehefa mibanjina ny hatsaràn'ny Mpanavotra isika, ny famindram-pony sy ny fiantràn'ny, ny hamafisam-pò izay nihazona ny olona maro hanalavitra ny fahazavàna dia hanjavona ao amin'ireo fanahy ireo.

Mila mianjera eo amin'ilay Vatolampy mandrakizay isika ka torotoro eo. Moa mbola misy foana ve ny mafy fò? Mbola misy ve ny mifikitra amin'ny fahamarinany manokana? Moa misy tsy mahita ny hatsaràn'i Kristy ve? Misy ve eto fo iray izay tsy tohina noho ny fitiavan'i Jesosy? Misy iray mbola mihazona pitina fitiavan-tena kely ve?

Mila manantona akaiky kokoa an'Andriamanitra isika. Fa nahoana ny fo-tsika no tsy dia rotoatra loatra amin'ny fitiavany? Nahoana isika no manonona fitsaràna enjana an'ilay Raintsika any an-danitra? Araka ny fanazavana azoko dia i Satàna no nanao ny fomba rehetra handotoana ny Andriamanitsika. Nalatsany teo amin'ny lalana alehan-tsika ny aloka manamaizina avy amin'ny devoly mba tsy hahitàna fa mpamindra fò, mpiantra ary marina anie ilay Raintsika. Izany no nahatonga antsika mafy fò.

Ka rehefa miresaka ny haizina izay halefan'ny devoly eo amin'ny lalan-tsika isika sy mitaraina noho ny toe-javatra manjo antsika dia manamaloka ny lalan'ny fanahy hafa koa ka izay mahazo antsika dia lasa manjo azy koa. Lasa any amin'ny tsy finoana sy fisalasalana ny hafa rehefa miresaka zava-manahirana isika.

Tsy tokony hanao izany isika. Mampiseho tsy izy ny Rain-tsika any an-danitra izany. Aoka hiova izany. Tokony rehefa nandray fahazavana avy any an-danitra isika dia hanazava ny lalan'ny hafa koa izany. Mamirapiratra eo amin'ireo izay manara-dia an'i Kristy ilay fahazavan'izao tontolo izao ny fahazavan'ny lanitra. "**Izay manaraka Ahy tsy mba handeha amin'ny maizina, fa hanana ny fahazavan'aina**" (Jaona 8:12)

Fivavahan'i Kristy manao ahona no hasehonao eo amin'izao tontolo izao raha ianao aza feo fitarainana sy halahelo ary nenina? Ireo izay mitandrina ny didin'Andriamanitra dia tokony haneho fa ny fahamarinana dia manamasina ny fanahy, mampatsilo sy manadio ny saina ary manondrotra ny toetra sy ny fiainana. Maty Kristy mba hamerina indray ny endrik'Andriamanitra ao amin'ny fanahy sy mampita izany eo anoloan'izay manodidina antsika.

Tokony hisotro mandrakariva eo amin'ny loharan'aina isika. Maniry aho raha tsy misy n'iza n'iza ho afa-pò raha tsy efa nanao izay azo natao ho amin'ny fiainana mandrakizay; ary manomboka izao dia aoka ho hita na amin'ny teny na amin'ny ohatra fa misolo tena an'i Kristy ianao. Azonao atao ohatra ny manao fijoroana vavolombelona toy ny hoe: "**Henoy ny nataon'ny Tompo tamiko!**" Vonona hanome fitahiana goavana hatrany ny Tompo.

Navelany hiseho teo anatrehan'i Mosesy ny fahatsaràn'ny lehibe, nambarany taminy ny toetrany dia ilay Andriamanitra be famindram-po, tsy mora tezitra, feno antra.. izay mamela ny faharatsiana, ny heloka ary ny fandikan-dalàna. Adidin'i Mosesy no mampiseho izany toetran'Andriamanitra izany teo anatrehan'ny vahoaka Israely ary tokony hanao toy izany isika.

Tokony hivoaka hitory ny fahatsaràn'Andriamanitra isika ka hampiseho imaso ny tena toetrany eo anatrehan'ny olona. Tokony hitaratra ny voninahiny isika. Efa nanao izany ve isika tamin'ny lasa? Nampiseho ny toetran'ny Tompo tamin'ny asa sy ny ohatra ve isika? Nikambana ka nanao ny asan'ny fahavalon'ny fanahy ve isika ary nanao fanehoana diso ilay Rain-tsika any an-danitra? Mitsara ny rahalahin-tsika ve isika amin'ny fanomezan-siny ny asany sy ny fiteniny? Raha izany dia tsy mbola manjaka ao anaty fanahin-tsika ny fitiavan'Andriamanitra. Andao hanapa-kevitra hanova izany.

Ellen G. White *La foi qui oeuvre* p 24-26.

